# Ilay Voa Tsara Nafafy 28 Desambra 2018

# 28 Zoma desambra

**Fa iray no Andriamanitra, ary iray no Mpanalalana amin'Andriamanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy, Izay olona, sady nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra.** 1 Timoty 2. 5, 6

**Izaho, Nicolas, mpanjakan'i Rosia**

Nahazatra ny mpanjaka Nicolas ny mitsidika ireo tobin'ny tafiky ny fanjakany, nefa tsy mampahafantatra ny tenany. Indray alina izy dia nahita tovolahy manamboninahitra, zanaky ny namany iray, raiki-tory ka teo ambony latabatra ny lohany. Teo anoloany dia nisy basy poleta voafahana sy taratasy nanoratany ny fitambaran'ny trosa tokony haloany, vola veriny tamina filokana. Toa tapi-dalan-kaleha izy, ka nanan-kevitra hanapitra ny ainy. Teo ambany amin'ity taratasy dia nasiany soratra hoe : „Iza no ho afaka hanefa trosa be toy io ?" Reraka sy novesaran'alahelo ilay tovolahy, ka raiki-tory nony farany.

Ny tonga voalohany tao an-tsain'ilay mpanjaka dia ny hamoha azy sy hanasazy mafy azy. Nefa niova hevitra izy : angaha moa tsy zanaky ny namany ity tovolahy ity ? Nanapa-kevitra hamela ny fahadisoany izy. Saingy tsy mahafafa ny trosa ny famelan-keloka, ary mitaky ny hanefana izany ny fahamarinana. Koa noraisiny ny penina tavela teo ambony latabatra, ary nasiany izao soratra izao teo ambanin'ilay fanontaniana feno famoizam-po napetrak'ilay manamboninahitra : „Izaho, Nicolas".

Isika rehetra, noho ny fahotantsika, dia samy ananan' Andriamanitra trosa be avokoa. Tsy nankatò ny didiny isika, ary tsy nitia Azy araka ny tokony ho izy. Fanamelohana ara-drariny no sahaza antsika. Kanefa te hamela heloka antsika Andriamanitra, ary marina tanteraka Izy manao izany, satria Jesosy efa nanefa ny trosantsika. „Fa fony mbola tsy nanan-kery isika, dia maty Kristy tamin'ny fotoanandro, hamonjy ny ratsy fanahy". „Fa fony mbola mpanota isika, dia maty hamonjy antsika Kristy" (Romana 5. 6, 8). Anjarantsika anefa ny manaiky handray izany famonjena atolony antsika izany.